GAZETY
tohiravina

TERAKA

www.teraka.org - n°16 - Mey 2026 - MAIMAIMPOANA



MAMBOLY, MIARA-MIASA ARY MANORINA NY HO AVY MIARAKA AMIN'NY TERAKA

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA :
1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin'ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin'ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon'andraikitra isika

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity :

1. **MANAMAFY NY FAHAIZAN'IREO MPANISA HAZO AO AMIN'NY FARITRA ITASY SY AMORON'I MANIA NY TERAKA**
2. **MIARAKA AMIN'NY TERAKA: 'Ndao handinika mialoha ny fomba fambolena hazo mba hahazoana tombony kokoa**
3. **BOKY FITANTANANA NY FITARAINANA TERAKA : Nankatoavin'ny Filankevi-pitarihana tamin'ny 25 Martsa 2026**
4. **ANDRIAMATOA RASOLOHARIJAONA : tantsaha mpikambana TERAKA fakan-tahaka sy mavitrika**

Ny fandaharanasa TERAKA dia mampivondrona tantsaha maro avy amin'ny faritra samy hafa eto Madagasikara izay manana vina iraisana dia ny famerenana amin'ny laoniny ny tontolo iainana sady fanatsarana maharitra ny fari-piainan'ny tantsaha.
Mba hiantohana firindran'ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpikambana sy ny mpiara-miombon'antoka rehetra, TERAKA dia mihaino hatrany ireo mpikambana sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy. Izany indrindra no nametrahana ny boky torolalana momba ny fitantanana fitarainana, mba hisorohana ny tsy fifanakazoan-kevitra sy ny tsaho. Manana fantsona maro ahafahana maneho ny ahiahiny sy ny fitarainany ny mpikambana sy ny mpiara-miombon'antoka, ary TERAKA dia hiandraikitra izany ao anatin'ny fe-potoana voafetra.
Amin'ny alalan'ny asa fanisàna sy fandrefesana hazo dia mandray anjara amin'ny famoronana asa ho an'ny fiarahamonina eny ifotony ihany koa ny fandaharanasa, indrindra ho an'ireo mpikambana TERAKA. Ireo asa ireo dia manampy amin'ny fanamafisana ny fahaizan'ireo mpanisa eny an-toerana amin'ny alalan'ny fiofanana sy ny fianarana teknolojia vaovao.
Ankoatra izany, mba hahazoana antoka fa hitondra tombontsoa maharitra ho an'ny rehetra ny fandaharanasa, dia mamporisika ny tantsaha ny TERAKA mba handinika mialoha ny fomba fambolen-kazo hahafahany mahazo loharanom-bola tsara kokoa sy maharitra ho azy. Tsy ny fambolen-kazo fotsiny no tanjona, fa indrindra ny fiantohana ny faharetan'ny voly sy ny fitohizan'ny fandaharanasa ho an'ny taranaka ho avy.
Ireo mpitarika mavitrika toa an'andriamatoa Rasoloharijaona dia maneho tanteraka ny soatoavina entin'ny TERAKA. Amin'ny alalan'ny fandraisany andraikitra isan'andro dia asehony fa ny fambolen-kazo anio dia fanomanana ny ho avin'ny zanatsika sy fiarovana ny tanindrazantsika ihany koa.
Mamakia finaritra tompoko

1. MANAMAFY NY FAHAIZAN'IREO MPANISA HAZO AO AMIN'NY FARITRA ITASY SY AMORON'I MANIA NY TERAKA

Ny fandaharanasa TERAKA dia nanatontosa andiam-piofanana roa ho an'ireo mpanisa hazo ho an'ny taona 2026 tany amin'ny faritra Itasy sy Amoron'i Mania. Ny tanjon'ireo fiofanana ireo dia ny hanamafisana ny fahaizan'ireo mpiasa miandraikitra ny fanisana ny mpikambana, ny famaritana ny velaran-tany misy ala ary ny fanisana ireo hazo voavoly.

Naharitra dimy andro isany ny fiofanana,ny andro roa nanaovana fampianarana ara-teoria ,ny andro roa hafa nanaovana fampiharana teny an-kianja niaraka tamin'ireo mpikambana TERAKA, ary ny andro iray farany natokana ho an'ny fanombanana farany. Izany fomba fandaminana izany dia nanampy ireo mpandray anjara hahafehy bebe kokoa ireo fitaovana, ireo taratasy fanadihadiana nohavaozina ary ny fomba fanangonana antontan-kevitra.

Tao Itasy, ny fiofanana dia notanterahina ny 27 martsa ka hatramin'ny 1 aprily 2026 tao amin'ny Kaominina Soavinandriana.

Tao amin'ny École Hortencia sy ny Ivontoerana CLAC ao amin'ny Kaominina Soavinandriana no nanaovana ny fampianarana ara-teoria, raha tao amin'ny Fokontany Ambohimita kosa no nanaovana ny fampiharana teny an-kianja.

Tao amin'ny Kolejy Katolika Immaculée Soavinandriana no nanaovana ny fanombanana farany. Mpampiofana telo no nitarika izany fiofanana izany, izay nahafahana nanavao ny fahaizan'ireo mpanisa hazo sivy teo aloha. Tamin'ireo kandidà vaovao roapolo kosa dia valo no voafantina, ary roa ambin'ny folo kosa mbola mila manohy fiofanana. Tao Amoron'i Mania kosa, ny fiofanana dia natao ny 21 ka hatramin'ny 28 aprily 2026 tao Ambositra.

Tao amin'ny foiben'ny TSIRY PARMA no nanaovana ny fampianarana ara-teoria sy ny fanombanana, raha tao amin'ny Fokontany Lapatokana, Kaominina Ambanivohitra Tsarasaotra kosa no nanaovana ny fampiharana teny an-kianja. Mpiofana valo tamin'ny sivy no voafantina taorian'ny fampiofanan'ny mpampiofana efatra sy mpanisa hazo matihanina iray.

Raha fintinina dia nahafahana nifantina mpanisa vaovao enina ambin'ny folo ireo fiofanana ireo, ka manampy amin'ny fanatsarana ny kalitao sy ny fahamarinan'ny antontan-kevitra angonina ao anatin'ny fandaharanasa TERAKA izany.



Mpanisa hazo amin'y Faritra Itasy

2. MIARAKA AMIN'NY TERAKA: 'Ndao handinika mialoha ny fomba fambolena hazo mba hahazoana tombony kokoa

Ny fandaharanasa TERAKA dia mamporisika ny tantsaha hanarina ny taniny sady hanatsara ny fidiram-bolany amin'ny alalan'ny fambolen-kazo. Na izany aza anefa ,alohan'ny hambolena hazo dia entanina hatrany ny tantsaha tsirairay mba haka fotoana hieritreretana ny andraikiny, ny tanjony ary ny fidiram-bola mety ho azony amin'ny fambolen-kazo . Ao anatin'ny fandaharanasa TERAKA dia tsy ny fambolena hazo fotsiny no tanjona, fa indrindra ny fiantohana ny fahaveloman'ny hazo sy ny faharetan'ny fambolena. Ny hazo velona sy voakarakara tsara dia afaka mitondra tombontsoa maharitra ho an'ny mpikambana. Samy manana ny velaran-tany ahafahany mamboly ny tantsaha tsirairay. Arakaraka ny velaran-tany ananany dia zava-dehibe ny handinihany ny modely mety aminy sy ny ankohonany : hanao ala vadim-boly ve? hanangana tanim-boakazo? Sa hanangana karazana fambolena hafa mifanaraka amin'ny filàna sy ny fahafahan'ny tokantrano?. Ny tena zava-dehibe dia ny misafidy modely maharitra, mifanaraka amin'ny haben'ny tany, ny enti-manana ary ny fahafahana mikarakara azy.



Vondrona Madinika MIRAY I, Kaominina Fiadanana, avy nikarakara tanin-janakazo

Ao anatin'ny fandaharanasa TERAKA, ny tantsaha tsirairay dia tokony hamboly hazo 250 farafahakeliny mandritra ny dimy taona voalohany. Na izany aza dia afaka mifameno ny isan-kazo ao anaty Vondrona Madinika mba hahatratrarana miaraka ny tanjona iombonana izay 2 500 hazo farafaha-keliny ao anatin'ny 5 taona. Noho izany, alohan'ny hananganana Vondrona Madinika na hidirana ao amin'ny fandaharanasa TERAKA dia asaina ny tantsaha tsirairay handinika ny tena fahafahany hahatratra ireo tanjona ireo ary hieritreritra ny modely fambolen-kazo mety indrindra amin'ny taniny sy ny enti-manany. Koa manentana ny tantsaha rehetra ny TERAKA mba hamboly amin'ny fomba voahevitra sy maharitra.Ny fambolena voahevitra tsara anio dia hiantoka tombontsoa ho an'ny fianakaviana, ny taranaka ary ny tanindrazantsika.

3. BOKY FITANTANANA NY FITARAINANA TERAKA : Nankatoavin’ny Filankevi-pitarihana tamin’ny 25 Martsa 2026

Ny fandaharanasa TERAKA dia mampivondrona tantsaha maro avy amin’ny faritra samihafa eto Madagasikara. Mba hitazonana ny fiaraha-miasa tsara eo amin’ny mpikambana sy hisorohana ny tsy fifankahazoana, dia nametraka boky fitantanana ny fitarainana ny TERAKA. Ity boky ity dia natao hanoro sy hanofanana ireo mpiasa sy mpiara-miasa amin’i TERAKA ao amin’ny fomba fitantanana tsara ny fitarainana. Nankatoavin’ny Filankevi-pitarihana izany nandritra ny fivoriana natao ny 25 Martsa 2026. Tsiahivina fa ny fitantanana fitarainana dia ahafahan’ny mpikambana sy ny mpiara-miombon’antoka mampahafantatra ireo olana hita eo amin’ny fanatanterahana ny fandaharanasa, ny fanajana ireo fifanekena natao, na ny asa tanterahina ao anatin’ny TERAKA. Manoloana ireo tranga ireo dia afaka mangataka fanazavana ny tantsaha na ny mpiara-miombon’antoka voakasika. Afaka misafidy ny mpikambana na hampahafantatra ny anarany na tsy hitonona anarana.

Ireto avy ny fomba ahafahana mametraka fitarainana :

- amin’ny alalan’ny Mpanampy Klastera TERAKA mandritra ny fivorian’ny Klastera
- amin’ny antso an-telefaonina amin’ireto laharana ireto : 034 88 14 236 / 032 03 945 00 / 033 50 854 11,
- amin’ny alalan’ny taratasy alefa any amin’ny adiresy : Lot 65 A ter F Andranaro, Antehiroka, Antananarivo 105,
- na amin’ny alalan’ny mailaka amin’ny adiresy : info@teraka.org.

Rehefa voaray ny fitarainana dia sokajiana sy dinihin’ireo mpiara-miasa sy tompon’andraikitra ao amin’ny TERAKA mba hitadiavana vahaolana mifanaraka amin’izany. Ny valiny voalohany dia omena ao anatin’ny fe-potoana latsaky ny 60 andro. Raha tsy afa-po amin’ny valiny ny mpikambana dia afaka mangataka fanazavana fanampiny na fanelanelanana. Ny dingana fanampiny tsirairay amin’ny fanazavana dia mitaky fe-potoana fanampiny 15 andro. Raha toa ka mihoatra ny fahefan’ireo tompon’andraikitra ao amin’ny TERAKA ny famahana ny olana, dia afaka miditra an-tsehatra ny Fila-kevi-pitarihana mba hanampy amin’ny famahana izany.

Ny Filankevi-pitarihana dia manome ny heviny mba hamahana ny fitarainana ao anatin’ny fe-potoana 90 andro fara-fahabeny. Raha mbola tsy voavaha ny olana amin’izay dingana izay, dia afaka manatona ny Centre d’Arbitrage et de Médiation de Madagascar (CAMM) na ny Tribonaly eto Antananarivo ireo voakasika.

Amin’ny alalan’ity rafitra ity dia manana fahafahana hohenoina sy handray anjara amin’ny fanatsarana ny fandaharanasa ny tantsaha tsirairay, ao anatin’ny toe-tsaina mampanjaka ny fifampiresahana sy fiaraha-miasa.

Ny fomba fitantanana fitarainana dia omena ny mpikambana mandritra ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona miaraka amin’ireo antontan-taratasy hafa ao anatin’ny “pack de bienvenue”. Efa navoaka tao anatin’ny gazety ihany koa izany ary azo angatahana na jerena ao amin’ny tranonkala TERAKA (www.teraka.org) izay hita ao amin’ny sokajy fanampim-panazavana ho an’ny mpikambana TERAKA.

4. ANDRIAMATOA RASOLOHARIJAONA : tantsaha mpikambana TERAKA fakan-tahaka sy mavitrika

Andriamatoa RASOLOHARIJAONA dia tantsaha iray tena mazoto sy feno fanoloran-tena ao anatin’ny fandaharanasa TERAKA ao amin’ny Distrikan’Amparafaravola, Fokontany Ambondrona. Izy dia miaina isan’andro ireo soatoavina TERAKA. 50 taona izy amin’izao fotoana izao ary ary ao anatin’ny Vondrona Madinika FIVOARANA.

Amin’izao fotoana izao dia efa namboly hazo fihinam-boa isan-karazany manodidina ny telopolo isa izy. Mandritra ny fivoriana eo amin’ny Klastera misy azy dia mandray anjara mavitrika Andriamatoa Rasoloharijaona. Lehilahy mandray andraikitra sy tena mavitrika ary mahay ny mandamina tsara ny andavan’androny amin’ny fampifanarahana ny asa famboleny sy ireo hetsika ao anatin’ny fandaharanasa TERAKA ity mpikambana ity.

Mpamokatra zanakazo za-draharaha sy teknisiana voaofana niaraka tamin’ny CEFFEL izy, ka maneho ny fifandraisan’ny fomba fambolena nentim-paharazana sy ireo fomba maharitra vaovao entin’ny fandaharanasa. Tsy misalasala ihany koa izy mizara ny traikefany sy ny fahaizany amin’ireo mpikambana hafa mandritra ny fivorian’ny Klastera.

Hoy izy amin’ireo tantsaha namany: « Ny fidirana ao amin’ny TERAKA dia fanohizana ireo asa fanaontsika andavanandro ihany.

Mamboly hazo ho an’ny zanatsika isika, ary hahazo tombontsoa ara-bola avy amin’izany koa.



Andriamatoa Andrianasolo, mpikambana TERAKAAmparafaravola

TSARA HO FANTATRA :

Fanavaozana ny Politika ankapoben’ny mpikambana TERAKA momba ny fanadihadiana ataon’ny mpanao gazety sy ny mpikaroka

Ireo tantsaha TERAKA dia samy manaiky hanaraka fitsipika momba ny fomba fanao tsara izay voarakitra ao anatin’ny antontan-taratasy antsoina hoe Politika Ankapoben’ny mpikambana TERAKA. Omena ny mpikambana io fitsipika io rehefa manao sonia fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona izy ireo, miaraka amin’ireo antontan-taratasy hafa ao anatin’ny “pack de bienvenue”. Efa navoaka tao amin’ny Gazette ihany koa izany fitsipika anatiny izany ary azo angatahana na jerena ao amin’ny tranonkala www.Teraka.org ao amin’ny sokajy fampahafantarana ho an’ny mpikambana.

Nisy ny fanavaozana natao tamin’io politika ankapoben’ny mpikambana io araka ny tolo-kevitry ny filankevi-pitarihana.

Io fifanarahana io dia ahafahan’ny iTeraka hamaky sy hanamarina mialoha ny lahatsoratra alohan’ny hamoahana azy, mba hahazoana antoka fa marina sy azo itokisana ny vaovao avoaka.

Ny mpikambana dia tsy miroso amin’ny resadresaka mialohan’ny fanasoniavana an’io fifanarahana io.

Tsy manohitra ny fahalalahana maneho hevitra io fitsipika io, fa mikendry fotsiny ny hiantohana fa ny zavatra rehetra avoaka momba ny TERAKA dia tena marina sy azo antoka. Manan-danja izany mba hiarovana ny lazan’ny fandaharanasa sy ny maha izy azy ny tahiry Karbaona ary ny vidiny. Alohan'ny fifampiresahana na fizarana atontan-kevitra mahakasika ny fandaharanasa TERAKA, ny mpikambana sy mpiasan’ny TERAKA dia mangataka hatrany amin’ny mpanao gazety na mpikaroka mba hanasonia fiaraham-piaraha-miasa amin’ny iTeraka.

FOMBA FAMBOLENA ZAVOKA

Ny zavokà dia isan'ireo voankazo lehibe ary afaka mamokatra mandritra ny 40 taona mahery. Maniry tsara eto afovoan-tanin'ny Madagasikara, indrindra any amin'ny faritra Vakinankaratra sy Itasy izay tena ahitana azy betsaka.Marihina eto fa hazo mety ho avo izy anefa marefo ka mora tapaka.

Any amin'ny tany mantamanta dia sarotra mamoa izy raha tsy manaraka teknika satria hazo mila zezika sy tany somary be vy no ilainy. Teknika fampitsimohana :

- alaina ny voa efa matoa tsara ary tsindromina hazokely telo ny vatany afovoany ary apetraka eo ambony vera feno rano ka mikasoka amin'ny rano ny tampany ambany mba hampaniriana ny fakany.
- Rehefa mipetraka eo ambony vera misy rano toy ny eo amin'ny sary ny voa dia mitsiry faka sy mitsiry raviny ary azo afindra
- Afaka apetraka amin'ny toerana somary mando ary misy lavenona ihany koa mba hitsiry haingana.
- Misy koa tonga dia ambolena mivantana ao anaty lavaka fa fonosina zezika mafana hampitsimoka azy

Fampiasana zezika :

Mila zezika masaka mifangaro tany mena sy fatimby harafesina ny zavoka mba hampamoa azy.





Fikarakarana

- Rehefa mamboly zavoka isika dia tapahina ny tendrony rehefa avo 1,5m eo ny haavony mba halaky mampamoa azy.
- Raha toa ka efa lehibe ny zavoka nefa mbola tsy mety mamoa dia asiana fira mifamaly ny hodiny ary lavahana ny tany eo ampotony ka asiana fatim-by harafasenina sy tany mena mba hampamoa azy

TETIANDRO FANANGONANA SY FAMAFAZANA VOA : May, Jona, Jolay

Karazan-kazo	Asa atao	Volana
Paiso Gasy (Prunus persica)	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana. Fanaovana grefy	Jona, Jolay
Néflier (Mespilus germanica) Bibasy	Fanangonana voa	May, Jona
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Jona
Voaroy (Morus sp.)	Fanangonana taho Famindrana taho anaty kitapon-janakazo	Mandritra ny taona
Gliricidia (Gliricidia sepium)	Fanangonana taho. Famindrana taho anaty kitapon-janakazo	Jona, Jolay
Ravintsara (Cinnamomum camphora)	Fanangonana voa	May, Jona
	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Jona, Jolay
Citron et orange (Voasary)	Fanangonana voa. Fanaovana grefy	Jona, Jolay

MPIKAMBANA TERAKA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO (31/05/2026)

Faritra	Totalin'ny mpikambana	Mpikambana efa anaty Vondrona Madinika	Mpikambana efa nahavita sonia ny fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona
Amoron'i Mania	8 951	3 890	1 130
Itasy	7 884	3 141	1 598
Vakinankaratra	4 032	1 405	198
Alaotra Mangoro	6 336	1 947	313
TOTAL	27 203	10 383	3 239

GAZETY Tohiravina

TERAKA

212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : RAKOTONIAINA Nambinina, RAJAOBELINA Annie, RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel, VOAHANGINIRINA Hélène
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro

www.teraka.org

Ny vaovao sy ny fitarainana dia apetraka eny anivon'ny Mpandrindra rezionaly TERAKA na ny Tomponandraikitra ara-piaraha-monina TERAKA :
034 88 142 36, 032 03 945 00, 033 50 854 11